Ny Valosoa sy hadihady

14 taona lasa ny 26 janoary 2009

Nodoran-dRajoelina sy ny forongony Antananarivo

Efatra ambinifolo taona androany ny 26 janoary 2009 na ny alatsinainy mainty, nandoran-dRajoelina sy ny forongony an'Antananarivo, nitohy tany amin'ny faritra hafa izany fandorana izany tamin'izany fotoana izany. Iaraha-mahatadidy fa rakotry ny setroka mainty ny teto an-drenivohitra. Norobaina sy nodorana ireo magazay fivarotana sy ny Magro teny Ankorondrano. Tsy vitan'izay, fa rehefa nandalo sy nahita ireo nandoro sy nandroba ny Fampielezampeom-pirenena (RNM) sy ny Fahitalavim-pirenena (TVM) teo Anosy Rajoelina Andry dia nanome tsodrano ny mpanaradia azy indray nandeha nandoro ny MBS Anosipatrana, sy nandroba ny Magro eny Tanjombato. Tsy nijanona teto an-drenivohitra ihany no norobaina sy nodorana ny orinasan'ny Filoha teo Marc Ravalomanana, fa hatramin'ireo tany amin'ny renivohitry ny Faritany. Nisy aina nafoy tamin'ireny fotoana ireny satria nianjeran'ny gonim-bary. Nojerempotsiny koa ny nandrobana sy nandorana ny "Trade Centre" teo Analakely, izay nisy mpandroba lasa maskita hoy ny nahita maso. Angamba mbola tsy ampy ny sorona tamin'iny andro iny, ka nilazan'ny nivory teny Ambatobe, fa raha tsy misy rà latsaka dia tsy nahomby ny tolona, fanalàna an-dRavalomanana Marc teo amin'ny fitondrana ny Firenena. Miverina ao antsaina, araka izany, ny 7 febroary 2009, sabotsy mainty, satria na dia nosakanan'ny jeneraly iray tsy nihoatra ny barazy ary tsy hiditra ao amin'ny faritra mena aza ireo nanao fihetsiketsehana, nomen-dRajoelina Andry tsodrano naka ny Lapan'Ambohotsorohitra, dia niroso ihany ka maro no lavo. Ny mpanao gazety vahiny tao amin'ny RFI moa dia nijoro vavolombelona, fa tsy avy tao amin'ny Lapan'Ambohitsorohitra ny tifitra. Na izany na tsy izany dia azo lazaina fa rehefa betsaka tokoa ny rà latsaka tamin'io daty io, ka voatery nanao sesitany ny tenany tany Afrika Atsimo ny Filoha Ravalomanana Marc, mba tsy ho an'isan'ny sorona ihany koa. Azo lazaina fa tao andohan'ny mpanongam-panjakana izany raha nitifitra rôkety ny Lapan'Iavoloha ny miaramila mpihoko tao amin'ny Capsat. Tsiahivina eo amin'ny lafiny toekarena fa 7,2 % ny tahan'ny harinkarena faobe ny taona 2008. Ny taona 2021, telo ambinifolo taona aty aoriana dia nitovy tamin'io sainga miiba (-7, 2 %). Tsy nisy fitokonana noho ny karama tsy voaloa na noho ny vatsim-pianarana tsy noraisin'ny mpianatra nandritra ny Repoblika III-3, nitondran'i Dada saingy hita etsy sy eroa ny fitokonana satria tsy naloan'ny fitondrana Rajoelina Andry ny karaman'ny orinasa mpanao làlana sy ny mpiasan'ny fahasalamana ary ny mpandraharaha ara-teknika sy ara-pitantanana (Personnel Administratif et Financier) eny amin'ny Anjerimanontolo. Nisitraka fanafoanana trosa i Madagasikara tamin'ny fitondrana Ravalomanana Marc, noho ny fahaiza-mitantanana sady tamin'ny fomba nangarahara tanteraka. Ankehitriny dia namoahan'ny Fitsirihana momba ny fitantanam-bola (Contrôle Finacier), fa tsy nazava ny fitantanana ny fanampiana nomen' ny mpamatsy vola nentina niatrika ny valanaretina covi-19. Làlana manodidina ny iray alina kilometatra ny làlana vita ka anisan'izany, raha tsy hitanisa afa tsy ireo tena potika amin'izao fotoana izao, ny Làlampirenena faha-2, faha-6, Faha-7, sns… Nankalazaina anefa tamin'izany fotoana izany fa "tsy azo hanina ny làlana" kanjo ny zava-misy ankehitriny dia mitokona ny mpitatitra amin'ny fiara vaventy, ka tapaka ny famatsian-kanina ny Malagasy. Eo amin'ny sehatry ny fitaterana ihany dia rava ny orinasam - pirenena Air Madagascar kanefa dia anisan'ny reherehan'ny Firenena ity orinasa ity, tamin'ny Repoblika telo nifandimby hatramin'ny nahazoana ny fahaleovantena. Torak'izany koa ny fitaterana an-dalamby FCE, ka mampitaraina ny tantsaha mpamokatra manamorona iny zotra iny, satria tsy tafavoaka ny vokatra. Nilaza ho nahavita zavatra ny tetezamita na dia tsy nahazo famatsiana avy any amin'ny mpiaramiombon'antoka ara-teknika sy ara-bola aza, tsara ho fantatra anefa fa ny tahirim-bola vahiny tao amin'ny Banky Foibe nolovain'ny tetezamita tamin'ny fitondrana Ravalomanana dia nahatratra roarivo tapitrisa dolara kanefa dia tsy nisy fanaraha-maso hentitra ny nandaniana izany vola izany. Variana manonofy izao fitondran-dRajoelina Andry izao, ka tsy mahagaga raha miady gisitra ny Firenena eo amin'ny ara-toekarena ary mahantra ny roambisivifolo isan-jaton'ny vahoaka Malagasy, maherin'ny roa tapitrisa ny mponina miaina ao anatin'ny tsy fanjarian-tsakafo. Raha mbola tiana hitohy izao fijaliana sy fahantrana, eo amin'ny lafiny rehetra mihàtra amin'ny Firenena izao dia mbola hamerina izao fitondrana izao ny gasy amin'ny fifidianana rehetra ho avy. Heverina fa tsy hamerina intsony izao mpitondra mampijaly, sy mampahantra azy izao ny vahoaka Malagasy.

Andry Tsiavalona

Rolly Mercia

Tokony efa hivoaka, nefa tsy navoakan'ny fitondrana indray

Raharaha Harry Laurent Rahajason na i Rolly Mercia, ministry ny serasera sy ny kolontsaina teo aloha, efa mpanao gazety, mpanao politika : voasazy 44 volana an-tranomaizina noho ny fiampangana azy ho nanakarama olona hanakorontana teny Ambohipo ny 13 jolay 2020. Noho ny fisian'ny famelan-tsazy indroa nisesy nataon'ny Filoham-pirenena dia efa tapitra ny saziny ary tokony nivoaka ny fonja tamin ny 16 janoary teo izy. Kanjo nanao "pourvoi en cassation" ny parquet général herintaona sy tapany aty aoriana. Noho izany, tsy afaka mivoaka ny fonja ny tenany fa miandry indray hoy ny mpisolovava azy Me Rafidison Eric. Mampalahelo ny zavatra mitranga satria na ao anatin'ny tsy fahasalamana ity minisitry ny serasera teo aloha ity dia tsy nisy fitserana mihintsy nataon'ity fitondràna ity, nefa io no anisan'ny nampahomby ny fanonganam-panjakàna nataon-Rajoelina tamin'ny taona 2009.

Helisoa

Fianakaviambe iraisam-pirenena eto

Fifidianana mangarahara handraisan'ny rehetra anjara no tanjona

Nihaona tamin'ny fianakaviambe iraisam-pirenena eto amintsika omaly ny avy ao amin'ny CENI, na ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana. Fifidianana mangaraharaha, handraisan'ny rehetra anjara ary hitondra fitoniana ho an'ny rehetra no tanjona, hoy ny mpandrindra maharitry ny Firenena Mikambana monina sy miasa eto amintsika. Tsy maintsy atao amin'ity taona ity kosa ny fifidianana ho filoham-pirenena, hoy ny filohan'ny Ceni. Nisy ny fihaonana teo amin'ny solontena maharitry ny Firenena Mikambana, ny masoivohon'ny Vondrona Eoropeana sy ny Vondrona Afrikana, ny solontena avy amin'ny fandaharana'asan'ny firenena mikambana misahana ny fampandrosoana na ny Pnud, sy ireo mpikamaban eo anivon'ny vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na ny Ceni. Fihaonana fifanakalozam-baovao ihany, fa mbola hisy ny fihaonana manaraka hamaritana izay fanampiana azon'ireo mpiara-miombon'antoka hatao hanatontosana ny fifidianana eto amintsika.

Niaina

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

Azo atao ny manala ny tsy fifampitokisana manjaka eto amin'ny firenena

Miharihary ny zava-misy eo anivon'ny fiaraha-monina eto amintsika amin' izao fotoana izao, fa manana olana lehibe. Anisan'ny fositra mahatonga izany olana izany ny tsy fifampitokisana izay mamàka lalina tanteraka, noho izy efa novolena teto amin'ny firenena nandritry ny taona maro izay. Tsy hisy zava-banona raha tsy mitoetra izay fifampitokisana izay. Amin' ny fomba ahoana anefa no hahatanterahina izany ? Misy ny vahaolana ary tsy lavitra fa efa eto amin' ny firenena. Tsy ilàna famatsiam-bola avy any ivelany ihany koa anefa, fa vitantsika eto an-toerana ihany. Efa nampahafantatra ny fisian'io vahaolana io ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana na AFK taona vitsivitsy lasa izay. Ny vahaolana natolony hisian'ny fifampitokisana eto amin'ny firenena, dia ireo andry fototra

Fikaonandoha nataon'ny avy ao amin'ny AFK.

sivy (9) izay tsapany fa banga hatramin'izay taona maro izay.

Ireo andry sivy ireo dia efa nananganana vaomiera avy ka toy izao izany : 1 – Ivo momba ny fikarohana sy fanofanana; 2- Ivo momba ny fitantanana; 3- Ivo momba ny fiarovana; 4 – Ivo momba ny famarotana; 5 – Ivo momba ny fanondranana any ivelany; 6 – Ivo momba ny fanelanelanana sy famahana olana; 7 – Ivo momba ny banky sy ny ara-bola; 8 – Ivo momba ny fenitra; 9 – Ivo momba ny etika.

Ny tanjon'ny AFK, dia tsiahivina hatrany fa ny hametraka fiarahamonina tsy mifamaky vava. Fiarahamonina misy firaisan' aina (symbiotique) sy mampisy firaisan'aina (symbiotisant). Fiarahamonina tsy mifampitsentsitra, tsy mifanambaka, fa mifanohana, mifamelona, mifanome tànana, mifampivelatra. Io fiarahamonina kasaina hapetraka eto Madagasikara ity dia niainga avy amin'ny fanadihadiana lalina, sy nisy mihitsy fidinana ifotony tamin'ny faritra maro samihafa nanerana ny Nosy. Ny vokatry ny fanadihadiana, na ny voka-pikarohana izay voaporofo aratsiansa fa mitombina tanteraka ny fahombiazany, dia efa voarakitra boky, ary misy naparitaka eny amin'ny trano fivarotamboky, ohatra eny amin'ny Librairie Antso Analakely. Marihina fa ny fanatanterahana izany dia miainga avy amin'ny Vinam-piarahamonina izay natolotr' Andriamanitra ho an'ny Malagasy sy ny firenena, ary ny AFK dia natao fitaovana ihany ho amin'ny fanatanterahana azy. Ny fijoroan'ny olom-pirenena resy lahatra hiara-hientana ho amin'izany sisa no andrasana, fa ny fitaovana efa vonona. Azo an-tsoina ny laharana ahafahana mifandray: 03417460 53.

Aris

TONONKALO

MIRAISA SAINA RY MALAGASY !

Frantsa no isolelahana isan`andro vaky izao ?
Aza gaga raha hoentiny amin`ny sanganao ianao,
Fa tsy afaka ny handòn-databatra na hiteny kely akory,
Raha mba misy ny fotoana hanasana anao hivory !

Frantsa hatrany no itodihana, izy hatrany no handadizana.
Lalana efa tsy mahomby , izay no mbola ikirizana ?
Fa ny saina efa voapempo sy efa dontom-panjanahana,
Ka tsy miomana hitady lalan-kafa hivoahana ?

Ny amin`ny "nosy manodidina", n`inona n`inona lazaina
Dia efa resiny an-databatra izato ianao ry maivan-tsaina.
Na ny hery na ny tanjaka, na ny vola, samy ananany,
Ka tsy mora indray akory ny haka ny efa eny an-tanany.

Satria tsy fantatrao mpitondra izany atao hoe" hampiray",
Fa dia ianao miletra irery no mazàna hitanay.
Ianao mahazo "tsipy kely" toy ilay biby tsy lazaina,
Ka matavy sy mivondraka ary tsy mampiasa saina !

…Mila ny firaisan-tsaina eo amintsika Malagasy,
Mba hoenti-manamarina fa "izay be anie no basy"!
Ny mitambatra dia vato sarotra ahozongozona,
Hiatrehana an`i Frantsa efa zatra taingim-bozona !

TSIMIMALO (25-01-23)